



MINISTERAN'NY ASA, NY FAMPANANAN'ASA SY NY ASAM-PANJAKANA

DIDIM-PANJAKANA LAHARANA FAHA-2026-006

amerana ny lisitr'ireo andro ialan-tsasatra sy tsy iasana nefa andraisan-karama ho an'ny taona
2026

NY PRAIMINISTRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA,

Araka ny Lalàmpanorenana;

Araka ny Lalàna laharana faha-2024-014 tamin'ny 14 aogositra 2024 anaovana ny Fehezan-dàlana mifehy ny Asa;

Araka ny Hitsivolana laharana faha 62-041 du 19 septambra 1962 mikasika ny fepetra ankapobeny momba ny lalàna ifampitondrana eto an-toerana sy ny lalàna iraisam-pirenena ifampitondran'ny isam-batan'olona;

Araka ny Didim-panjakana laharana faha-62-150 tamin'ny 28 martsa 1962 mamaritra ny fombafomba fampiharana ny filan-tsasatra isan-kerin'andro sy ny andro ialan-tsasatra tsy iasana ary ny andro ialan-tsasatra tsy iasana nefa andraisan-karama;

Araka ny Didim-panjakana laharana faha-68-172 tamin'ny 18 aprily 1968, nasiam-panovana sy nofenoin'ny Didim-panjakana laharana faha-72-226 tamin'ny 06 jolay 1972, mametra ny ora ambony ampanga sy amerana ny tataon-karama ho an'ny asa alina sy asa alahady ary amin'ny andro tsy iasana;

Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2024-055 tamin'ny 20 janoary 2024 manondro ny anjara raharahan'ny Minisitry ny Asa, ny Fampananan'asa ary ny Asam-panjakana sy ny fandaminana ankapobeny ny Ministerany;

Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2025-290 tamin'ny 18 martsa 2025 mifehy ny fandaminana sy fampandehanana ny Filan-kevi-Pirenena momba ny Asa sy ny Fampananan'asa sy ireo Filan-kevi-paritra Telo Tonta momba ny Asa sy ny Fampananan'asa;

Araka ny Didim-panjakana laharana faha-2025-1101 tamin'ny 20 oktobra 2025 manendry ny Praiministra, Lehiben'ny Governemanta;

Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2025-1114 tamin'ny 28 oktobra 2025 manendry ny Mpikambana ao amin'ny Governemanta;

Araka ny fanapahana laharana faha 10-HCC/D3 tamin'ny 14 oktobra 2025 anomezana ny fahefana miaramila mahefa, soloin'ny Kolonely RANDRIANIRINA Michael tena, hanatontsosa ny andraikitry ny Filoham-panjakana;

Taorian'ny fakan-kevitra tao amin'ny Filankevi-Pirenena momba ny Asa sy ny fampananan'asa;

Araka ny tolo-kevitra ny Ministry ny Asa, ny Fampananan'asa sy ny Asam-panjakana;

Eo am-pivoriana ny Governemanta;

DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PANJAKANA IZAO:

Andininy voalohany: Ho fampiharana ny andininy faha-115 amin'ny Lalàna laharana faha-2024-014 tamin'ny 14 aogositra 2024 anaovana ny Fehezan-dalàna mifehy ny Asa, ireto andro voalaza manaraka ireto dia ambara ho andro ialan-tsasatra sy tsy iasana nefa andraisan-karama ho an'ny taona 2026:

- | | |
|--|--|
| 1. Ny alakamisy voalohan'ny volana janoary | : Taom-baovao ; |
| 2. Ny alahady 08 martsa | : Andro iraisam-pirenena ho an'ny vehivavy, andro ialan-tsasatra sy tsy iasana ho an'ny vehivavy irery ihany fa andraisan-karama ; |
| 3. Ny alahady 29 martsa | : Vaninandro fahatsiarovana ireo namoy ny ainy noho ny fihetsiketsehana tamin'ny taona 1947, |
| 4. Ny alahady 05 aprily | : Fetin'ny Paska, |
| 5. Ny alatsinainy 06 aprily | : Alatsinainin'ny Paska |
| 6. Ny zoma voalohan'ny volana mey | : Fetin'ny Asa |
| 7. Ny alakamisy 14 mey | : Fankalazana ny niakaran'i Jesoa Kristy any an-danitra , |
| 8. Ny alahady 24 mey | : Fetin'ny Pentekosta |
| 9. Ny alatsinainy 25 mey | : Alatsinainin'ny Pentekosta ; |
| 10. Ny zoma 26 jona | : Fetim-pirenena Malagasy ; |
| 11. Ny sabotsy 15 aogositra | : Fankalazana ny nampakarana an'i Masina Maria any an-danitra |
| 12. Ny alahady voalohan'ny volana novambra | : Fetin'ny Olo-masina |
| 13. Ny zoma 25 desambra | : Fetin'ny Noëly |

Andininy 2: Tsy hiasana ihany koa nefa handraisan-karama ireo andro voatondro hankalazana:

- ny Eid Al-Fitr sy ny Eid Al Adha, araka ny tetiandro omen'ny Fikambanana silamo;
- ny Taombaovao Malagasy, araka ny vaninandro faritana mandritra ny Fikaonan-doham-pirenena.

Andininy 3: Ambara ihany koa fa andro tsy iasana nefa andraisan-karama ny androm-pirenena ho an'ny kolontsaina ka ny daty ho amin'izany dia feran'ny Ministeran'ny Serasera sy ny Kolontsana.

Andininy 4: Ireo andro hafa ankoatry ny voalazan'ny andininy voalohany amin'ity Didim-panjakana ity izay hatao andro tsy hiasana nefa handraisan-karama dia tsy maintsy ambaran'ny Didim-panjakana havoaka herinandro mialohan'ny hahatongavany.

Andininy 5: Ireo andro voalaza eo ambony ireo dia natao tsy hiasana nefa andraisan-karama. Na izany aza ireo karazan-toeram-piasana sy ireo sokajim-piasa izay tsy afaka manapaka ny

asany noho ny toetoetra manokan'ny sahan'asa iandraiketany dia omena alalana handingana ny fitsipiky ny fanerena tsy iasan'ny mpiasa mandritra ny andro ialan-tsasatra, tsy iasana nefa andraisankarama.

Ny lisitr'ireo sokajin-toeram-piasana sy sokajim-piasa voalaza eo amin'ny andalana teo aloha dia ferana amin'ny alalan'ny Didim-pitondrana raisin'ny Minisitra misahana ny Asa sy ny Fampananan'asa.

Andininy 6: Noho ny hamehana sy araky ny fepetra voalazan'ireo andininy faha-4 sy faha- 6 ao amin'ny Hitsivolana laharana faha-62-041 tamin'ny 19 septembra 1962 mikasika ny fepetra ankapobe momba ny lalàna ifampitondrana eto an-toerana sy lalàna iraisam-pirenena ifampitondran'ny isam-batan'olona, izao didim-panjakana izao dia manan-kery avy hatrany raha vantany vao ampahafantarina ny be sy ny maro amin'ny alalan'ny fampielezam-peo sy fahitalavitra, ankoatran'ny famoahana azy amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

Andininy 7: Ny Ministry Asa, ny Fampananan'Asa sy ny Asam-panjakana, ny Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola ary ny Ministry ny Serasera sy ny Kolontsaina no miandraikitra, araka ny tandrify azy avy, ny fanatanterahana ity Didim-panjakana ity.

Natao teto Antananarivo, ny faha 08 janoary 2026

Ny Praiminisitra,

Lehiben'ny Governementa

Herintsalama Andriamasy RAJAONARIVELO

Ny Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola

Herinjatovo Aimé RAMIARISON

Ny Ministry ny Asa, ny Fampanan'Asa ary ny Asam-panjakana

Soatiana Bety Léonne FLORENT

Ny Ministry ny Serasera sy ny Kolontsaina

Ogascar Fenosoa MANDRINDRARIVONY